FIANGONANA LOTERANA MALAGASY
SYNODA-PARITANY AFOVOANY
FILEOVANA FIANARANTSOA
FITANDREMANA AMONTANA
FIANGONANA AMBALATAMBINA

Ambalatambina faha,

Hoan'ny Fiangonana Kristiana Malagasy aty Soisa sy ny Manodidina

Antony: Fangatahana Fanampiana Tafom-piangonana

Tompoko,

Hampitomboina ho aminareo mandrakariva anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.

Hoy ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny I Kort 3: 11
"Fa tsy misy mahay manao fanorenana hafa afa-tsy izay natao dia Jesosy Kristy."

Asa Misiona lehibe napetraky ny Tompo amintsika Fiangonana ny hitory Filazantsara ho amin'ny Firenena rehetra, mba hahafahana hampitombo ny Fanjakan'Andriamanitra eto an-tany.

Vokatry ny asa Tafika Masina no nampiorin' ity Fanorenana ny Fiangonana eto Ambalatambina Amontana ity, ary noho ny maha iray antsika ao amin'ny Tompo no ahafahana manao izao taratasy izao, satria ny tao-trano tsy vitan'ny irery. Mbola kely hery izahay Fiangonana aty Madagasikara araka ny fantatrareo, koa hery lehibe ho anay ny fananana anareo, ary izany no tsy isalasalanay anoratanay aty aminareo hangataka tolo-tanana avy aminareo mba ho famitàna ity trano Fiangonana eto Ambalatambina ity mba hahafahan'ny Jentilisa miditra am-piangonana.

Efa vita hatramin'ny Tapenaka ny Trano Fiangonana, ary asa-piraisana nataon'ny Kristiana daholo no nahavitàna nampijoro izany araka ity sary alefa aminareo ity.

Fa ny tena mavesatra dia ny Tafo Tôle 3m izay miisa 50, sy Tôle 2m miisa 35, ary ny 15 amin'ny 2m mba efa voavidin'ny sampana sy olona malala-tanana.

Ny vidin'ny Tôle 3m iray dia 28.000 Ar, ary ny 2m iray dia 19.000 Ar.

Fahavaratra moa ny andro ary efa manakaiky ny oram-baratra koa izany no mahamaika ny amin'ny Tafo.

Manana Compte amin'ny Banque ny Fiangonana ka toy izao:
Fiangonana Loterana Malagasy Ambalatambina
N° 1 322 453 000 4 / BOA Fianarantsaoa.

Koa dia manantena valiny mahafa-po avy aty aminareo izahay no sady mirarisoa sy manao veloma ho anareo hahita soa sy fanambinana avy amin'ny Tompo eo amin'ny toerana izay onenanareo sy ny Fanompoana izay ataonareo.

Ny Pastora Mpitondra Fitandremana Amontana

FITANDREMANA AMONTANA
RAHIDIMALALA Apollinaire

Ny Katekista Fiangonana Ambalatambina

Rtoa RAZANANTSOA Hélène

Hélène

Io no sarin'ny fiangonana amin'izao fotona izao: